ROMANA

stily ho an'ny Romana dia nosoratana ho an'ny a tahaka antsika, izay niatrika ny olana nitranga ny vanim-potoana niainany sy teo amin'ny tontolo y. Misy itoviana be amin'ny atrehantsika ankehi- y tontolon'ny «haratsiam-panahy, faharatsiana, ana, fahalovana, fialonana, vonoan'olona, adilahy, finiavana hanao ratsy» sy ny faharatsiana isan- ny (1.29-30) natrehin'ny kristiana tamin'izany izany. Hazavain'i Paoly ato amin'ity epistily ity ny ana amin'ny olombelona, ny antony mahatonga hanao zavatra maharikoriko, ary ny nivilian- nteraka niala tamin'ny planin'Andriamanitra y olombelona. Hazavainy ihany koa ny fomba etan'Andriamanitra sy ny nanatanterahany ny na antsika araka ny nahim-pony irery ihany; ny andraisantsika ny fanomezana sy ny fitahiana etrika avy Aminy; ary ny fomba ahafahan- anana fiainam-pandresena sy fiainana vaovao. n'i Paoly mazava tsara fa manana adidy eo ana- Andriamanitra sy amin'ny hafa eto ambonin'ity isika izay nandray ny famonjen' Andriamanitra, ady manome voninahitra Azy isika no misi- any koa ny fitahiana avy amin'ny famonjena n'i Jesosy Kristy Zanany. Efa manova antsika izany fitahiana izany na dia mbola ho avy aza ny rariany.

nazavana ity dia mampiseho fa mahakasika ny iainantsika amin'izao fotoana izao ny epistily ho omana. Ilain'ny Fiangonana aty amin'ny faritr'i min'izao vanim-potoana izao ny mahafantatra: Izay ka, ny marina na ny foto-pampianaran'ny Filazan- y ny antony inoantsika izay inoantsika. Hahatonga hiaina ny fiainana kristiana eo anivon'ny onina misy antsika, izay mila fitiavana sy fanovàna ny fahatakarantsika tsara ny votoatin'ny finoan- aha te hiatrika am-pahombiazana ny fanamby 'ny mpiray tanindrazana amintsika isika dia tsy mampiasa ny fomba fijery kristiana ny momba ny Andriamanitra ho antsika tao amin'i Kristy araka soavany, ary tokony ho fantatsika koa ny adidin- setrin'ny fitiavany sy ny fahasoavany. Raha lazaina teny hafa dia: tsy maintsy miaina amin'ny maha n'Andriamanitra antsika isika eto amin'ity tany ity. nandray ny fihavaozana avy amin'ny herin'ny ara ihany no afaka hanova firenena mila fiovana ly sy ara-panahy.

Ny mpanoratra

Milaza ny tenany ho Paoly apostoly ny mpanoratra (1.1). Jiosy avy any Tarsosy i Paoly, ary Fariseo nafana fo, nikatsaka izay hahafaly an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanenjehana ny Fiangonana (Asa 9; Gal 1.13-14). Tamin'ny niovany fo teny amin'ny làlan'i Damaskosy no nanomezana azy koa ny iraka hanompo ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, amin'ny alalan'ny fitoriana ny Filazantsara any amin'ny Jentilisa: «fa fanaka voafidy izy ho fitondrana ny anarako eo anatrehan'ny Jentilisa sy ny mpanjaka ary ny Zanak'Israely; fa hasehoko azy ny habetsahan'izay tsy maintsy hiaretany ho voninahitry ny anarako» (Asa 9.15-16).

Inoana fa tamin'ny taona 57 no nanoratana ny epistily ho an'ny Romana. Nanapa-kevitra ny hitory Filazantsara tany Espana i Paoly rehefa avy nanatanteraka iraka nahomby saingy feno fisedrana nandritra ny 25 taona mahery – fotoana nanorenany Fiangonana maro tany Azia Minora, nijaliany ho an'ny Tompo, ary nanoratany epistily maromaro. Teny antsefatsefan'ny dia lavitra ezaka nankany Espana (15.23-24) dia nikasa ny hijanona kely tao Roma sy hiaraka tamin'ny Fiangonana tao, izay tsy mbola novangiany mihitsy izy. Mety ho mampanankarena ity epistily ho an'ny Romana ity ny vokatry ny fandinihana nataon'ny apostoly Paoly nandritra ny taona maro momba ny finoany, ny fiainana ara-panahy nolalovany, ny fahamatorany ary ny traikefa azony tamin'ny alalan'ny minisiterany.

Ny Fiangonana tany Roma

Mety ho naorin'olona avy tany Roma, izay nitsidika tany Jerosalema tamin'ny Pentekosta ka lasa kristiana, ny Fiangonana tany Roma (Asa 2.10). Raha mitombina izany dia tena maneho ny herin'ny Fanahy Masina afaka mampiasa ny mpino mba hanangana Fiangonana. Amin'ny maha Jiosy sy Jentilisa matahotra an'Andriamanitra azy ireo dia mety ho nifototra tamin'ny Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Taloha izy ireo, ary mety ho novangian'ny mpino hafa matetika koa.

Vondron'olona ahitana Jentilisa sy Jiosy nifangaro no nandrafitra ny Fiangonana. Tany am-piandohana dia inoana fa Jiosy ny ankamaroan'ny mpikambana, niampy Jentilisa natahotra an'Andriamanitra vitsivitsy. Kanefa, rehefa noroahin'ny Emperora Klaodio hiala tao Roma ny Jiosy tamin'ny taona 49, dia ny mpino jentilisa no betsaka fa kristiana jiosy vitsivitsy sisa no nijanona. Nanjary lasa vitsy an'isa tao amin'ny Fiangonana notarihin'ny Jentilisa ireo olona nomanin'Andriamanitra voalohany mba handray ny fivavahana kristiana sy anton'ny niavian'ny Mesia.

Fantatsika aty amin'ny faritr'i Afrika tsara fa mahatonga fifandirana, fitsitokotokoana, fizahozahoana, fireharehana, fitsarana, fisaraham-bazana ary tsy fahampian'ny fifankatiavana ny toy izany. Kanefa mihoatra lavitra noho ny fahasamihafana rehetra misy eo amin'ny olombelona ny nataon' Andriamanitra, ary mitaona antsika hiaina ao anatin'ny firaisana amin'ny maha vahoakan'Andriamanitra antsika.

Ny tanjon'ny epistily

Noraisina ho toy ny fanambarana ampahibemaso ny vontoatiny sy ny zava-kendren'ny finoana kristiana ny epistily ho an'ny Romana. Velabelarin'i Paoly mazava tsara ato ny filazantsaran'Andriamanitra amin'ny maha manam-pahaizana mpandinika, olona tia an'i Kristy, mpitandrina mafana fo ary Jiosy azy. Sady feno ny Fanahy Masina no notarihin'ny Fanahy Masina ny apostoly raha namelabelatra ny amin'ny planin'Andriamanitra mandrakizay momba ny famonjena ny olombelona; ary nomeny lanja manokana ny fifandraisan'ny Jentilisa sy ny Jiosy. Nandalo tao an-tsainy teo am-panoratana fa mety hisy handà izay lazainy, koa dia niezaka ny nampiseho ny fahadisoan-kevitr'izany olona izany izy.

Ao anatin'ity epistily ity dia lazain'i Paoly amin'ny Romana ny fitsidihana kasainy hatao tsy ho ela, ary ampahafantariny azy ireo ny faniriany hitory ny Filazantsara amin'izy ireo (1.11, 15); ny faniriany hanomana azy ireo mba ho fototra hamaharan'ny minisiterany any Espana amin'ny ho avy; (15.24, 28); ary ny faniriany hijery ny momba ny olana anatin'ny Fiangonana any Roma, anisan'izany ny fampihavanana ny mpino Jiosy sy Jentilisa ka mamporisika azy ireo ho amin'ny firaisankina izy (toko 14 sy 15).

Drafitry ny famakafakana

1.1-17 FAMPIDIRANA

- **1.1-7** Fiarahabana
- **1.8-15** Fisaorana sy vavaka
  - **1.8-10** Fankasitrahana sy vavaka
  - **1.11-15** Ny adidin'i Paoly
- **1.16-17** Ny lohahevitra fototra: Ny Filazantsara izay fanambaràna ny fahamarinana

1.18-4.25. NY IVON'NY FILAZANTSARA: FANAMARINANA AMIN'NY FINOANA

- **1.18-3.20** Mila famonjena ny rehetra
  - **1.18-32.** Mila famonjena ny Jentilisa
    - **1.18-23** Ny maha mpanota ny Jentilisa
    - **1.24-32** Ny fanamelohana ny Jentilisa
- **2.1-3.8** Mila famonjena ny Jiosy
- **2.1-16** Ny fototry ny fitsaran'Andriamanitra
- **2.17-29** Ny fanamelohana ny Jiosy
- **3.1-8** Ny fandavan'ny Jiosy sy ny tsy fivadihan'Andriamanitra
- **3.9-20** Didim-pitsarana: meloka ny olombelona rehetra
- **3.21-4.25** Fanamarinana amin'ny finoana no hamonjen' Andriamanitra
  - **3.21-31** Fanamarinana amin'ny finoana ao amin'i Jesosy Kristy irery ihany
    - **3.21-23** Ao amin'ny finoana an'i Kristy ny fanamarinana
    - **3.24-26** Ao amin'ny finoana ihany ny fanamarinana
    - **3.27-31** Vokatry ny fanamarinana
- **4.1-25** Abrahama: ohatry ny fanamarinana amin'ny finoana
  - **4.1-8** Fanamarinana amin'ny finoana fa tsy amin'ny asa
  - **4.9-12** Fanamarinana amin'ny finoana fa tsy amin'ny alalan'ny fombafomba
  - **4.13-15** Fanamarinana amin'ny finoana fa tsy amin'ny lalàna
  - **4.16-25** Fanamarinana amin'ny finoana irery ihany

5.1-8.39 AZO ANTOKA SY AZO ANTENAINA NY FAMONJENA

- **5.1-5** Ny tombontsoa azo avy amin'ny famonjena
- **5.6-11** Fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra
- **5.12-21** Manan-kery amin'ny rehetra ny fanamarinana
- **6.1-23** Fahafahana amin'ny fangejan'ny ota
  - **6.1-14** Rava ny herin'ny ota
  - **6.15-23** Andevon'ny fahamarinana ny mpino
- **7.1-25** Fahafahana amin'ny fangejan'ny lalàna
  - **7.1-6** Voafetra ny maha manan-kery ny lalàna
  - **7.7-13** Ny fifandraisan'ny lalàna sy ny ota
  - **7.14-25** Ny fifanoheran'ny lalàna sy ny ota
    - **7.14-20** Ny fifanoheran'ny lalàna sy ny nofo
    - **7.21-25** Miara-mitoetra ao anatin'ny mpino ny tsara sy ny ratsy
- **8.1-39** Fitahiana sy toki-piainana ao amin'ny Fanahy
  - **8.1-8** Ny asan'ny Fanahy
  - **8.9-13** Ny fitoeran'ny Fanahy mandrakariva
  - **8.14-17** Ny kendren'ny fanamarinana
  - **8.18-27** Fanambarana ny voninahitry ny zanak'Andriamanitra
    - **8.18-22** Ny fahoriana sy ny fanomezam-boninahitra ny voaary
    - **8.23-27** Ny fahoriana sy ny fanomezam-boninahitra ny zanak'Andriamanitra
  - **8.28-30** Ny filaminam-piainana ho an'ny mpino
  - **8.31-39** Fehiny: milamina ny mpino ao amin'Andriamanitra

9.1-11.36 ISRAELY: TSY AZO HELOINA NY FITSARAN' NDRIAMANITRA
9.1-5. Ny tsy finoan'ny Israely
9.6-13 Vahoaka manokana, safidin'Andriamanitra
9.14-29 Ny fiandrianan'Andriamanitra eo amin'ny safidiny
9.14-23 Andriamanitra: izay tiany no ataony
9.24-29 Olom-baovao nantsoina avy tamin'ny Jiosy sy ny Jentilisa
9.30-10.21 Kristy, hany làlana mankany amin'ny famonjena
9.30-10.15 Ny finoana an'i Kristy: vato fahatafintohinana ho an'ny Israely
10.16-21. Ny maha tomponandraikitra ny Israely
11.1-10 Famintinana: ireo sisa nofidiana noho ny fahasoavana
11.11-32 Ny hoavin'ny Israely
11.11-24 Izay nokendren'Andriamanitra raha nandà ny Zanak'Israely fotoana fohy Izy
11.25-32 Ny Famonjena ny Israely manontolo
11.33-36 Famaranana: deraina Andriamanitra noho ny fahendreny

12.1-15.13 NY FIAINAM-BAOVAON'NY MPINO
12.1-2 Antso ho amin'ny fanoloran-tena tanteraka
12.3-8 Ny fanetrentena sy ny fanompoana ao amin'ny tenan'i Kristy
12.9-21 Ny fitiavana ao amin'ny fiarahamonina
13.1-7 Fanekena ny fahefan'ny fanjakana
13.8-10 Ny fitiavana, fahatanterahan'ny lalàna
14.1-15.13 Miaina ao anatin'ny firaim-po
14.1-12 Firaisana tsy mifampitsara
14.13-23 Firaisana tsy mifandratra
15.1-13 Firaisan'ny matanjaka sy ny malemy ao amin'i Kristy
15.1-6 Mihevitra ny hafa mialoha ny tena
15.7-13 Mifanaiky

15.14-16.27 FAMARANANA
15.14-22 Ny anjara fanompoan'i Paoly
15.23-33 Ny fikasan'i Paoly amin'ny hoavy
16.1-16 Famangiana
16.17-27 Teny farany sy fiderana ny Avo

FAMAKAFAKANA

1.1-17 Fampidirana

1.1-7 Fiarahabana

Toy ny taratasy mahazatra tamin'izany fotoana izany, ny epistily ho an'ny Romana dia manomboka amin'ny fampahafantaran'ny mpanoratra ny tenany, dia i Paoly izany (**1.1**). Noho izy tsy mbola nitsidika ny Fiangonana tany Roma mihitsy dia nilainy ny nampahafantatra azy ireo ny tenany aloha, koa dia nanomboka tamin'ny filazana ireo zavatra telo lehibe indrindra tiany ho fantatr'izy ireo momba azy izy.

Ny voalohany sady manan-danja indrindra amin'izany dia ny fifandraisany amin'ny Tompony: *Mpanompon'i Jesosy Kristy izy*. Ny teny nadika ho «mpanompo» eto dia midika hoe «andevo». Na dia tsy mahafinaritra aza ny fieritreretana ny maha andevo dia izany no tian'i Paoly hahafantarana ny tenany. Tsy izy irery ihany no toy izany. Ampiasaina koa izany teny izany ao amin'ny Testamenta Taloha, niantsoana an'i Mosesy (Jos 1.2), Davida (Sal 89.3, 20) ary ny mpaminany (Jer 7.25; Dan 9.6; Amosa 3.7). Ampiasaina ao amin'ny Testamenta Vaovao koa aza io teny io iantsoana an'i Jesosy, rehefa miresaka ny amin'ny fifandraisany amin'ny Ray (Fil 2.7). Tahaka ireo mpanompon'Andriamanitra hafa voalaza teo aloha ireo dia nanaiky ny ho eo ambanin'ny fahefan'i Jesosy Kristy tanteraka, ny hankatò, hanokan-tena ho Azy, ary hanompo Azy tahaka ny andevony i Paoly. Ary tahaka an'i Mosesy i Davida, ny mpaminany ary i Jesosy dia fantatr'i Paoly fa voninahitra ny manompo an'Andriamanitra. Any amin'ny fanambarany hafa dia ampiasain'i Paoly koa io teny hoe «andevo» io, iantsoana ny kristiana eo anatrehan'i Kristy (I Kor 7.22-23). An'i Kristy izy ireo, manaiky Azy tanteraka ary eo ambanin'ny fahefany.

Ny faharoa izay tokony ho fantatr'izy ireo momba an'i Paoly dia ny fiantsoan'Andriamanitra azy: *nantsoina ho apostoly izy*. Ampiasain'i Paoly ny teny hoe «Apostoly» indraindray ilazana ny mpitondra hafatra, olona misolo tena an'i Jesosy eo amin'ny fanapariahana ny Filazantsara (Rom 16.7; Fil 2.25). Matetika ampiasainy kokoa ny teny hoe «Apostoly» iantsoana ireo izay nofidian'i Jesosy sy nomena fanomezam-pahasoavana hisolo tena Azy (I Kor 12.28; Efe 4.11), ireo izay noraisina ho «fototry» ny Fiangonana (Efe 2.20). Mandray ny tenany ho isan'ireto farany ireto i Paoly. Jesosy dia niantso an'i Paoly teo anivon'ny olony, ny fokony, ny fivavahany ary ny asany mba hanokan-tena ho Azy sy hanompo Azy (Asa 9.1-19). Noho izy nantsoin'Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, dia mihevitra ny tenany ho mitovy amin'ireo apostoly roambinifololahy i Paoly. Miaiky izy fa tsy mendrika ny fiantsoana azy, noho izy nanenjika ny Fiangonana (I Kor 15.9); nefa nifanena tamin'ny Tompo koa izy ka avy amin'ny Tompo ny fahefany.